# Allah sy ny Irany dia nandrara ny fivarotan-toaka sy biby maty ho azy sy kisoa ary sampy

Tatitra azo avy tamin'i Jaabir bin Abdillah (RA) fa izy dia naheno an'ilay Irak'I Allah (SAW), niteny tamin'ny taonan'ny Fath (taona nanokafana tanana Makkah) manao hoe : Allah sy ny Irany dia nandrara ny fivarotan-toaka sy biby maty ho azy sy kisoa ary sampy". Ka nisy niteny hoe : Ry Irak'I Allah, ahoana ny tavin-kena amin'ireo biby maty ho azy; satria izany dia andokoana sambo, hosorana amin'ny vatana, ary ampiasain'ny olona andrehetana jiro? Dia nilaza izy hoe : Tsia, izany dia voarara. Ary niteny ny Irak'i Allah (SAW) tamin'izany hoe : Allah anie handringana ireo jiosy; nataon'I Allah fady azy ireo ny tavin-kena nefa noravan'izy ireo izany, dia namidin'izy ireo avy eo, ka nihinana ny vola azo tamin'izany izy ireo.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nandre ny Mpaminany (S.A.W) i Jabir bin Abdollah (R.A) niteny tamin'ny taon'ny fandresena, fony izy tany Lameka : nandrara I Allah sy ny irak'Allah ny fivarotana toaka sy biby maty hoazy sy kisoa ary sampy, teo dia nisy nilaza hoe : Ry irak’I Allah, azo atao ve ny mivarotra ny tavin’ny biby maty hoazy? Satria ampiasaina amin’ny fandokoana sambo izy io, sy ahosotra amin'ny hoditra, ary ampirehetin'ny olona jirony, dia hoy izy : Tsia, fa voarara ny mivarotra izany. Avy eo dia nilaza izy (S.A.W) tamin'izany hoe : ,ringanin'I Allah ireo Jiosy ary nozonony; satria tompo Allah rehefa nandrara azy ireo tamin’ny tavin’ny biby, dia nampiempo izany izy ireo dia namidiny ny taviny ka nihinana ny vidiny.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4556